«Mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo.» (1 Kor 15:58d)

FJKM

# MARTURIA VAVOLOMBELONA

Alakamisy 18 Jona 2026 Gazetim-bahoaka miseho isa-tapa-bolanaVidiny: 1.000 Ariary Laharana -1016

## Manapaka amin'ny fahefany ny Tompo

### Tsitialainga

**26 JONA: Fotoan'ny fahamarinana sy fanantenana**

**66 taona aty aorian'ny 26 Jona 1960, inona marina no dikan'ny fahaleovantena ho antsika? Fahaleovantena ve no tanjona farany, sa fanorenana firenena maharitra sy vanona?**

Ankalazaintsika isan-taona ny nahazoan'i Madagasikara ny fahaleovantena. Kanefa eo anatrehan'ny zava-misy ankehitriny dia mbola maro ny fanontaniana mipetraka: misy ny fahantrana, ny kolikoly, ny fahasimban'ny tontolo iainana, ny krizy ara-toekarena, ny faharavan'ny soatoavina, ary ny tanora maro very fanantenana. Maneran-tany koa dia misy ady, fisaratsarahana, ary tahotra ateraky ny fiovan'ny teknolojia sy ny faharanitan-tsaina artifisialy (IA).

Ny olana lehibe indrindra anefa dia tsy ara-toekarena na ara-politika ihany, fa ara-panahy sy ara-pitondrantena . Mety ho afaka amin'ny fanjanahantany ny firenena iray, nefa mbola voafehin'ny tsy rariny, ny fitiavan-tena ary ny fahaverezan'ny fanantenana.

Eo indrindra no itondran'ny Filazantsara fahazavana. I Jesoa Kristy no manambara ny fahafahana marina, fahafahana manavao ny fo sy ny fiainana. Araka ny nampianarin'ny Soratra Masina, dia ny fahasoavan'Andriamanitra no loharanon'ny fanavaozana rehetra, ary i Jesoa Kristy no Tenin'Andriamanitra velona mitondra fanantenana ho an'izao tontolo izao.

Koa amin'ity faha-66 taonan'ny fahaleovantena ity, aoka ny tsirairay hanana fitiavan-tanindrazana sy andraikitra, ny fianakaviana hanabe amin'ny fahamarinana, ny Fiangonana hitory fanantenana, ary ny firenena hanorina hoavy miorina amin'ny rariny sy ny fihavanana.

Tsy ampy ny mankalaza ny fahaleovantena azo tamin'ny 1960; ilaina koa ny manorina ny fahafahana marina ankehitriny. Ary ny fanavaozana maharitra dia manomboka amin'ny fo voakasik'i Kristy.

Fa ny Firenena havaozin'i Kristy, dia firenena manana hoavy feno fanantenana.

Ny fahaleovantena dia zava-bita; ny fanavaozana kosa no adidy mbola miandry antsika.

*"Koa raha ny Zanaka no hahafaka anareo, dia ho afaka tokoa ianareo." (Jaona 8:36)*

*"Sambatra ny firenena izay manana an'i Jehovah ho Andriamaniny."* (Salamo 33:12)

*Mpitandrina Rakotonindrainy Jaona*

# VOAFATOTRA AHO... MBOLA AFAKA MANANTENA VE AHO?

Maro ankehitriny ireo tanora sy raiamandreny voagejan'ny zava-mahadomelina no mametraka izao fanontaniana feno famoizam-po izao. Matetika ny fiaraha-monina no mitsara azy ireny ho maloto na maditra fotsiny. Nefa inona marina no tena vahaolana entin'ny Tenin'Andriamanitra (Lioka 15 : 17-24) manoloana izany?

**Aretina fa tsy ditra ny fatorana**

Rehefa mitantara ny dian'ilay Zanaka adala ny Soratra Masina, dia nanambara fa "niankina" (Kollao) tamin'ny tompon-tany nampiasa azy izy. Io teny Grika io dia midika ara-bakiteny hoe "lakaoly". Ny fidorohana zava-mahadomelina dia tsy safidy na ditra tsotra izao, fa tena lakaoly mamatotra ny saina sy ny vatana. Tahaka ny zaza voahosin'ny lakaoly ny tanany ka tsy afa-misaraka na dia misintona mafy aza, dia marary sy rovitra fo ilay miankin-doha rehefa miady irery. Tsy vava mahery na latsa no ilainy hisarihana izany, fa fitsaboana mahalevona ilay lakaoly.



**Fisarahana tanteraka amin'ny ratsy**

Manoloana izany aretina izany, ny fahatongavan-tsaina na ny ranomaso hitomaniana ao an-trano dia tsy ampy hamahana ny olana. Ny Tenin'Andriamanitra dia mibaiko antsika hoe: "Hitsangana" (Anistemi). Io teny io dia matetika ampiasaina amin'ny fitsangana amin'ny maty. Midika izany fa mitaky fisarahan-toerana sy fanapahana tanteraka ny fifandraisana amin'ny tontolo nahafaty anao. Tsy maintsy isarahana ireo toerana fandehanana, esorina ny namana mitaona amin'ny fakam-panahy, ary mandray fanapahan-kevitra mahery vaika hiala ao anaty fotaka.

**Famindram-po tsy manam-petra**

Mbola hisy handray ve ianao rehefa simba sy reraka? Eny ny valiny! Ny Ray ao amin'ny Soratra Masina dia "onena" (Splanchnizomai) ilay zanany.

tohiny p.2

## FANOMEZANA

**Soratra Masina fototra:**

«*Efa nahazo maimaimpoana ianareo, koa manomeza maimaimpoana*» (Mat. 10.8); «*Mahasambatra kokoa ny manome noho ny mandray*» (Asa. 20.35).

**A. ANDRIAMANITRA MANOLOTRA FANOMEZANA HOAN'NY OLONA**

1. ***Ny olona sy ny fanomezam-pahasoavana:***

Ny fanomezam-pahasoavana dia fanomezan'Andriamanitra manokana ho an'ny olona iray izay tsy mendrika ny ahazo izany akory.

*" Dia niankohoka izy ka nanao hoe: Zinona moa aho mpanomponao izay toy ny alika maty, no ahatsiarovanao azy?"* II Sam.9:8. Io no Soratra Masina mahalaza izany fanomezam-pahasoavana izany.

Koa ny olona no mandray maimaimpoana avy amin'ny Tompo aloha.

Midika izany fa an'ny Tompo avokoa izay rehetra ananan'ny olona sy izay rehetra tantanany koa.

2. ***Ireo ampahany amin' ny fanomezana efa nomen' Andriamanitra :***

a) Ny fahariana antsika ho tahaka ny endrik'Andriamananitra. (Gen.1:27)

b) Ny tany honenana sy ny zavatra rehetra eo aminy mba hivelomantsika. (Gen.1:28- 30)

d) Ny Zanany lahy tokana dia Jesoa Kristy. (Jao.3:16)

e) Ny Fanahy Masina. (Jao.14:16)

f) Jesoa Kristy nanolotra ny tenany ho antsika, ny famindrampo, ny fiainana mandrakizay sns. (Rom.6:23)

g)Ny hery, fahalalana, talenta, vola aman-karena, fanomezam-pahasoavana....araka ny sitrapony. (Mat. 25.14 – 30; Mal. 3.10; Deo. 30.11 – 20).

*ABDINAGO Fanantenana Antra, Mpitandrina*

*Talen'ny sampanasa Fikarohana sy Fandalinam-Pinoana Foibe FJKM*

### HITANAO ATO


**SETELA (SEHATRA TEOLOJIKA HO AN'NY LAIKA)**
**Nanatanteraka fotoam-pivavahana narahana fifadinkanina sy fiofanana Tafika Masina**
Pejy faha 3

**FJKM ANDRAINARIVO**
**FAHASOAVANA**
**Nandray ny fitondrana am-bavaka ireo zanaky ny fiangonana mitantana antoko politika sy ireo manana andraikitra amin'ny fitondrana firenena ...**
Pejy faha 4

**SPIA 19**
**MIVOHY NY FAMPANDROSOANA NY FINOANA SY NY FAMPAMOKARANA**
Maro ny hetsika goavana nisesisesy maneho fahavelomana nataon' ny Synodamparitany Iarivo Avaradrano ...
Pejy faha 5

**FJKM MAHAGAGA MORONDAVA: MIROSO NY ASAN'ANDRIAMANITRA, TANTERAHINA IHANY KOA NY SAHANASA**
Isaorana ny Tompo fa tanteraka sy lavorary ny Pentekosta 2026, izay ...
Pejy faha 5


**MIJORO HO VAVOLOMBELONA**

*« Fa ho lehibe eo anatrehan'ny Tompo izy ary tsy hisotro divay na toaka sady hofenoina ny Fanahy Masina . »* (Lioka 1:15)

«Mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo.» (1 Kor 15:58d)

MARTURIA VAVOLOMBELONA

ALAKAMISY 18 JONA 2026

LAHARANA -1016

MISIONERA VOLONTERA MIZARA FIAINANA

## Ampahafantaro anay Andriamanitra

**Nankaiza ny olon- tety ?**

Toa miantso any an' efitra ilay mpahary? Satria mantsy ny fiangonana rehetra toa samy mandrirotra ny olona araka izay fantany avy, ary io vola sy harena io no tena handroritana azy ireny, ny fitahiana no ampilendalendana sy atao fintana hahazoana ny olona efa reraky ny fiainana. Fa ny tena sitrapon' Andriamanitra? modiana tsy hita ve sa atahorana ?

**Ho avy ny andro.**

Izao no lazain' i Jehovah, Tompon'ny maro: "*Amin'izany andro izany dia hisy folo lahy avy amin' ny firenena samy hafa fiteny rehetra, hihazona ny sisin-damban'ny Jiosy anankiray ka hanao hoe: mba handeha hiaraka aminareo izahay; fa efa renay fa momba anareo Andriamanitra*" Zak 8 : 23.

Ho avy ny andro hahita ilay tena mazava ny olona. Hitady mpitarika ny olona tsy hita isa ka hiteny hoe: *" atoroy anay ny làlana marina tokony hizoranay "*

Ho avy ny andro hanapotehina ny ratsy hatrany ifotony ary hametrahana manerana izao tontolo izao: fifampivelarana, fifanohanana, fifamelomana. Tsy misy mifanarontsarona na mifamotika intsony, ho tanteraka ny ao amin'ny Isaia toko faha 2 sy ny toko faha 11.

Ho avy ny andro, hisy hazavana be, ka ny olombelona mihitsy no tena feno hazavana.

**Ho leo ny olona**

Be ny asa mila atao. Ny fanjakana sy ny mpiasam- panjakana, vao maika manavesatra sy mampitahotra ny vahoaka, manohana ny tombontsoan' olom-bitsy.

Mifanontany ny olona hoe: ahoana no atao ? Efa leo ny fahantrana sy ny tsy rariny izahay.

**Vahaolana iray**

Io ampitaina amin'ny alalan'ny AFK io ny hafatra; tsy hevitra fotsiny io fa miaraka amin'ny teknolojia sy fiarahamonina vaovao. Mila hetsika miaraka amin'ny hairaha ny olona.

Maro be ny manao fanompoam-pivavahana any am-piangonana, fa fandrotsirotsiana amin' izay mahamay eo no eo fotsiny. Mamangy tokantrano, manao tafika masina, asa soa kely etsy sy eroa, vavaka an-tendrombohitra sy dokambarotra isan-karazany, fa ny eo ihany no eo.

Koa mifohaza amin' izay satria ianao *"taranaka voafidy, fanjaka-mpisorona, firenena masina, olona nalain' Andriamanitra ho an'ny tenany, mba hilazanareo ny hatsaran' Ilay niantso anareo hiala tamin'ny maizina ho amin'ny fahazavany mahagaga"* 1 Pet 2: 9. Amen !

*Voahangy ANDRIAMPARANY*

**« Moa tsy fantatrareo va fa ny olona tsy marina tsy mba handova ny fanjakan'Andriamanitra? Aza mety hofitahina ianareo»**

**(1 Korintiana 6:9)**

VOAFATOTRA AHO... MBOLA AFAKA MANANTENA VE AHO? tohin'ny p.1

Fitiavana mampangirifiry ny ao anaty tsinaibe izany, fitiavana mandrotika ny fo ka mahatonga ilay Ray hihazakazaka hamihina ny zanany na dia mbola maimbo



kisoa aza izy, fa tsy miandry fepetra masiaka. Izany no Famindram-pon'Andriamanitra miandry anao anio!

Aza manamelo-tena intsony ry havana. Ekeo ny fahalemenao, manaova fisarahana amin'ny ratsy, ary mangataha fanampiana amin'Andriamanitra. Ny Sampana Vokovoko Manga dia vonona lalandava handray ny tananao, hiara-hivavaka aminao, ary hitondra fitsaboana hanafahana anao amin'ny anaran'i Jesoa.

*Tonia ny sampana Vokovoko Manga Foibe, RAKOTOARIJAONA Lalaina Eric, Mpitandrina.*

MI ART TALENTA : **Miray hina midera ny Tompo amin'ny Talenta maro loko**

Rantsana artistika ao amin'ny Sampana Tanora Kristiana andavamamba Kristy Velona ny Mi Art talenta. Feno dimy taona ny Fikambanana ankehitriny raha tamin'ny 29 Martsa 2021 no nanomboka nijoro tao amin'ny STK Andavamamba Kristy velona. Ny « Mi » izay midika hoe : Mikatsaka, Mitrandraka, Mizara ; ny « Art » indray dia midika hoe zava-kanto ary ny « Talenta » dia ny fahaiza-manaon'ny tsirairay. Tanjon'ny fikambanana ny hitory ny Filazantsara amin'ny alàlan'ny Zava-kanto toy ny : Tantara an-tsehatra, Tantara Fihaino amin'ny sehatra samihafa (onjam-peo, any am-piangonana sns), Hatsikana, Dihy sy ireo talenta ara-javakanto rehetra ka azo trandrahana. Mba ahatrarany izany tanjona izany



indrindra no itondran'izy ireo ny teny filamatra manao hoe : « Miray hina, Mivoatra, Midera ».

Maro ny hetsika efa natao nandritra ny dimy taona niorenan'izy ireo. Tao ny dihy, tantara an-tsehatra teny anivon'ny fiangonana. Ankehitriny kosa izy ireo dia mitrandraka ny tantara filalao an'onjam-peo mba ho henoin'ny fiangonana. Ankoatra izay dia manana vina ny hanao horonan-tsarimihetsika fohy (court métrage) izy ireo. Misokatra amin'ny fiaraha-miasa amin'ny fiangonana rehetra ny tarika. Amin'ny maha rantsana ao amin'ny STK kristy Velona azy ireo dia ny STK Andavamamba Kristy Velona avy hatrany no hatonina hoan'ireo maniry ny hiaraka hiasa na maniry ny handray azy ireo hanatanteraka fitoriana Filazantsara amin'ny kanto izay ataony.

*Ryja Kely*

FAMAKAFAKANA

## Ny kristiana dia mpanaradia an'i Jesoa Kristy sy mpankato ny teniny

Hoy ny Soratra Masina amintsika : « *Aoka ny fitondrantenanareo ho miendrika ny Filazantsaran'i Kristy,* » (Filipiana 1:27)



*Jesoa Kristy velona no tazan'ny olona eny amin'ny kristiana sy amin'izay rehetra ataony*

Ny mpanaradia an'i Jesoa Kristy, dia olombelona manana an'i Jesoa Kristy sy ny teniny ao ampony. Ny mpanaradia an'i Jesoa Kristy, dia resy lahatra amin'ny maha Mpamonjy Azy, ka manaja Azy sy miaina ny teniny, ho fijoroany vavolombelona, amin'ny mpiarabelona aminy, fa tiany i Jesoa Kristy, ka tahafiny sy omeny voninahitra ary ankalazainy (Jaona 12:47).

Ny anti-Kristy sy ireo tsy tia an'i Jesoa Kristy, dia mankahala an'i Jesoa Kristy, sady tsy manaja ny teniny, (Jaona 14:24).

Ny fanahafana an'i Jesoa Kristy, dia midika fitiavana Azy sy izay nataony, ka ekena sy inoana fa tsara sy mendrika ary mahasoa sady mitondra soa. Araka izany, dia alaina tahaka sy ambara amin'ny hafa, izay natao'i Jesoa Kristy, ho mariky ny finoana sy fahatokiana Azy ary fankafizana manokana izay nataony, araka ny nambaran'i Jesoa hoe, (Jaona 14:12).

Tsarovy fa mitady izay ivelan'ny valany i Jesoa Kristy, mba ho vonjeny, (Lioka 19:10). Koa ny fanarahan-dia an'i Jesoa Kristy, izay Tompon'ny fiainana sy ny fiadanana mandrakizay, dia famonjena avy hatrany, ho an'ny mpino, (Jaona 3:16).

Koa tsy kivy mifidy ary tsy sasatra miantso antsika hanaradia Azy, i Jesoa Kristy, ka tsy misalasala Izy miantso, n'aiza n'aiza toerana misy ny tsirairay, na inona sehatr'asa ivelomana, na manao ahoana ny toe-piainana, ary itenenany amin'izay manan-tsofina ombieny ombieny hoe : « : Manaraha Ahy.[Mat. 9,9] » (Lioka 5:27).

Araka izany, mba efa nahatsapa na naheno, ny safidy sy ny antso avy tamin'i Jesoa Kristy, niantefa taminao ve ianao?

Ho fandinihan-tena :

Raha eny, dia inona no fanapahan-kevitra noraisinao, tamin'izany?

Raha nanaiky ianao, dia fantaro fa Jesoa Kristy, Izay nifidy sy niantso anao, no efa nandray an-tanana ny fiainanao, ka miteny aminao hoe : « Raha miray amiko ianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany. » (Jaona 15:7)

Raha niahotra ianao, ka mbola nisafidy ny: "Aoka aloha", dia tongava saina fa, efa ny herin'ny maizina no nisakana anao, sy nisintona anao ary mitarika anao hanalavitra an'i Jesoa Kristy Fahazavana, araka ny voalazan'ny Soratra Masina hoe: « Fa hanitr'i Kristy ho an'Andriamanitra izahay amin'izay hovonjena sy izay ho very: » (2 Korintiana 2:15).

Mieritrereta, ka fantaro fa ao amin'i Jesoa Kristy no misy famonjena, dia fiainana sy fiadanana mandrakizay, miaraka amin'i Jehovah Mpahary Rainy, araka ny nambarany hoe : « : Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana; Tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako. » (Jaona 14:6). Soli Deo Gloria.

*IMANOELA*

«Mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo.» (1 Kor 15:58d)
MARTURIA AVOLOMBELONA



SETELA (SEhatra TEolojika ho an'ny LAika)

## Nanatanteraka fotoam-pivavahana narahana fifadinkanina sy fiofanana Tafika Masina

« Ary hoy koa Jesoa tamin'izy rehetra: "Raha misy ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany, dia hitondra ny hazo fijaliany isan'andro ka hanaraka Ahy". » (Lioka 9:23)



*Talen'ny TPM Ambatonakanga sy ny Filoha FJKM teo aloha, miaraka amin'ny Mpandrindra SETELA notronin'ny Mpampianatra sy mpianatra SETELA*

Fandalinana Baiboly amin'ny alalan'ireo taranja fototra iaingan'ny fampianarana rehetra, ao amin'ny SETELA, no ilofosan'ireo mpianatra maro manolotena amin'izany, mba hahafahan'izy ireo mandeha sy miaina am-pahamarinana ny fanarahana an'i Jesoa Kristy, ka tsy hisy ny tsiny eo amin'ny asa fanompoana sahanina, sady tsy hisy ny fahadisoana amin'ny fivavahana tanterahina, ary i Jesoa Kristy velona no ho tazana sy hita eo amin'ny tena sy amin'izay rehetra atao.

Ao anatin'ny taranja tsy maintsy tanterahina, ny fampiharana (Pratique), toy ny Tafika Masina roa sosona isaky ny taom-pianarana raha kely indrindra, izay iarahan'ny mpianatra SETELA sy ireo Mpampianatra sahanina, ka amin'ity taom-pianarana 2026 ity, dia any Anerindrano, kaomina Ambatomanga, Synodamparitany Antananarivo Atsinanana SPAA12, no anatanterahana ny Tafika Masina voalohany, ny Alakamisy 18 Jona ka hatramin'ny Alahady 21 Jona 2026.

Ho fanomanana izany Tafika Masina izany, dia nisy ny fotoam-pivavahana fiderana sy fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra, natao tao amin'ny "Chapelle" Ambatonakanga, ny tontolo andron'ny Sabotsy 6 Jona 2026, izay nanatanterahana fiomanam-panahy, niombonan'ny Mpampianatra sy ireo mpianatra notarihin'ny Filohan'ny fikambanan'ny mpianatra SETELA, RAKOTOSON Tovo, niaraka tamin'ny Mpandraharaha SETELA, Rtoa RAHERIVOLOLONA Voahiraniaina Alfredine, sady Mpandraharahan'ny KFT (Komitin'ny Fampianarana Teolojika FJKM).

Marihina fa narahana fiofanana Tafika Masina sy fifadinkanina izany fotoam-bavaka niombonana izany, ka nifarimbona nanome ny fiofanana, ny Mpampianatra SETELA, RARIJASON Hery, Mpitandrina, sy ny Mpampianatra SETELA, RAMAMONJIARISOA Robert, Mpitandrina.

Ankoatry ny fanarahan'ireo mpianatra, an-tsakany sy an-davany ny fandaminana rehetra mikasika ny fianarana rantoviny eny amin'ny TPM Ambatonakanga, izay misy ny SETELA, dia miezaka ihany koa ireo mpianatra, mijery ny tontolo misy ny toerana ianarany, ka manampy araka izay vitany, amin'ny fanatsarana ny TPM Ambatonakanga. Nisy araka izany, ny ezaka fanamboarana sy fanatsarana ary fikoloana, ny tontolo manodidina ny trano fianarana sy ny trano famakiamboky eny amin'ny TPM Ambatonakanga, izay efa natomboka ny taona 2025, ka vita ary natolotra ampahibemaso araka ny fombam-piangonana, an'ireo mpiasan'ny TPM Ambatonakanga, tarihin'ny Taleny, RAZAFINDRAKOTO Andriambolohery Hasinarivo, Mpitandrina, ny Sabotsy 28 Marsa 2026, taorian'ny TAM (Tontolo andro miavaka), izay nanomezan'ny Talen'ny TPM Ambatonakanga fampianarana sy fanorenam-pinoana, ho an'ireo mpianatra SETELA. Niatrika ilay fotoana niavaka nanolorana ny asa vitan'ny SETELA tamin'izany, ny Filohan'ny FJKM teo aloha, Dr RASENDRAHASINA Lala, Mpitandrina, niaraka tamin'ny solotenan'ny Mpampianatra SETELA. Teo ihany koa, ireo tomponandraikitry ny SETELA, notarihin'ny Mpandrindra, RAKOTOMANANA Tahiry, Mpitandrina.

*AimpitiavanA <SF>*

## SEHO 001

Akamantatra, rankizy ô!

1. Inona àry izany, namarotan'i Esao ny fizokiany tamin'i Jakoba?
2. Iza àry aho, vaton'atsamotady no nandreseko an'i Goliata?
3. Andro fahafiry àry no namoronan' Andriamanitra ny zavamaniry araka ny karazany avy?
4. Taiza àry no nametrahan'ny reniny an'i Mosesy zazakely?
5. Iza àry aho? Valala sy tantely remby no sakafoko tany an'efitra

*Mihamina*

*Amin'ny laharana manaraka ny valiny.*

"MORIS MADA BUSINESS CONNECT 2026" - AMPEFY 2-5 JOLAY

## Hetsika hitondrana mpampiasa vola sy mpisehatra ara-toekarena Maorisiana eto Madagasikara

Hotanterahina any Ampefy ny 2-5 Jolay ho avy izao ny hetsika "MORIS MADAGASCAR-BUSINESS CONNECT 2026" karakarain'ireto Tranoben'ny Varotra sy ny Indostria ireto: FCCIM na "Fédération des Chambres de Commerce et des Industries", ny CCIMM na "Chambre de Commerce et Industrie Madagascar Maurice", ary ny AIOCCI na "African Indian Ocean Chamber of Commerce and Industry". Izay samy efa mijoro ara-dalàna avokoa. Miara-manomana ny hetsika amin'izy ireo ihany koa ny MCCI na ny "Maurician Chamber of Commerce and Industry" sy ny KNCCI na ny "Kenyan Chamber of Commerce.and Industry." Marihina fa ny praiminisitra lehiben'ny governemanta no mpiara-miasa sy mpiahy voalohany ny hetsika, arahin'ny Ministeran'ny Varotra sy ny Fanjifana, ny Ministeran'ny Fizahan-tany sy ny Taozavatra, ny Ministeran'ny Fiompiana sy Fambolena,... Mampivondrona Tranoben'ny Varotra sy ny Indostria miisa 24 eto Madagasikara ny FCCIMM, ka eto Antananarivo ny iray amin'ireo ary any amin'ny faritra ny 23. Natao ho an'ny Mpandraharaha ny Tranoben'ny Varotra sy ity hetsika ity satria miasa ho an'ny mpandraharaha no antom-pisiany. Ny hanampy ny Mpandraharaha rehetra miaraka aminy.




Misokatra amin'ny mpisehatra ara-toekarena malagasy ity hetsika ity, koa aza misalasala manatona misoratra anarana any amin'ny "Chambre de Commerce" na ny "Tranoben'ny Varotra" eto Antananarivo sy any amin'ny faritra misy anao. Anisan'ny tanjon'ny hetsika ny hampifandray ny mpandraharaha Maorisiana sy ny mpandraharaha malagasy. Goavana ny tetik'asa foto-drafitrasa kasaina hatsangana any Ampefy, toy ny Trano fandraisam-bahiny ahitana toeram-pilomanosana sy ny sisa, koa hetsika maro no mbola hatao ho tohin'izao hatao any Ampefy izao.

*Mamy Danieline*

FIHAONAMBEN'NY ZOKIOLONA AO AMIN'NY JEUNESSE EN MISSIION AFRIKA, « ATHI RIVER KENYA » ( Africa Elders' Gathering - AEG).

## FIHAONANA FANAO ISAN-TAONA

*« Endrey, tsara sady mahafinaritra raha ny mpirahalahy no miara-monina».* Sal 133:1

Notanterahina ny 10-15 May lasa teo tao « Athi River Kenya »ny fihaonan'ireo zokiolona aty Afrika ao amin'ny Jeunesse En Mission « Voasolotena avokoa ny tarika sy ny faritra iandraiketan'izy ireo avy: Afrika avaratra, atsinanana, andrefana, afovoany, ary ny faritra afrika tapany atsimo izay miaraka amin'ny nosy aty amin'ny ranomasimbe Indiana, ao anatin'izany i Madagasikara izay nanana ny solotenany ihany koa.

Fiarahana midera an'Andriamanitra, Tenin'Andriamanitra, fampianarana, fifampizarana vaovao sy fanamby, fifampaherezana, antso hanetry tena sy hivavaka ary hiverina amin'ny soatoavina, fanamafisana ny firahalahiana sy ny fifandraisana, fifanakalozana, fifampitondrana am-bavaka ary fiaraha-mihaino ny Tompo momba ny hoavin'ny asa misiona aty Afrika. Ireo no nibahan-toerana nandritra ny fotoana.

Tsy adino ny nivavaka ho an'ny toerana nivoriana sy ny mpiara-miasa tao amin'ny Jeunesse En Mission « Athi River » . Somary ambanivohitra no misy ity toerana mirefy 50ha ity, ahitana mpiara-miasa samihafa firenena miisa30 eo ho eo.

tohiny p.8

«Mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo.» (1 Kor 15:58d)
MARTURIA VAVOLOMBELONA
ALAKAMISY 18 JONA 2026
LAHARANA -1016

AFIFAB

## Jobily fisotroan-dronono

Tontosa tetsy amin'ny FJKM Ankadifotsy ny Sabotsy 06 Jona 2026 lasa teo ny fanompoam-pivavahana ho fisaorana an'Andriamanitra sy ho fanokafana ny jobily fisotroan-drononon'Atoa Philémon



RAVELOARISON, lehiben'ny sampandraharaha sady tonian-dahatsoratry ny Gazety Marturia Vavolombelona.

Nitarika ny fotoana, ny Mpitandrina RAVALOSON, FJKM Ankadifotsy. Nitondra ny hafatr'Andriamanitra kosa ny Rev. Dr RAKOTONINDRAINY Jaona, Sekretera Jeneraly anivon'ny FJKM. Niompana tamin'ny teny nofidin'Atoa Philémon RAVELOARISON mianakavy moa ny hafatra tamin'izany. Hafatra izay nalaina tao amin'ny Salamo 23 : 6a *"Eny tokoa, fahasoavana sy famindrampo no hanaraka ahy amin'ny andro rehetra hiainako..."*

Nomarihan'ny Atoa Rev Dr RAKOTONINDRAINY Jaona nandritra izao fotoana izao fa ny Gazety toy ny Marturia Vavolombelona dia tsy natao hampitam-baovao fotsiny fa indrindra natao ho fanabeazam-pinoana sy fanabeazana amin'ny maha Kristiana ihany koa.

Tonga nanotrona sy niara-niombom-bavaka ny Sabotsy teo araka izany, ireo Raiamandreny avy ao amin'ny Foibe FJKM: Mpiandraikitra Foibe , Tonia , Tale, Lehiben'ny sampandraharaha , Mpandraharaha, mpiara-miasa eo anivon'ny AFIFAB foibe, ireo namana maro eo amin'ny sehatry ny asa fanaovan-gazety. Nisy arak'izany ny fandraisam-pitenenana samihafa nifandimbiasan'ireo nasaina.

Namarana izao fotoan-dehibe izao moa ny Redonkira fiderana nataon'ny Tanora Mpanandratra ny Tompo (TMT) Antoko mpihira avy ao amin'ny FJKM ISOAVIMASOANDRO FIHAVAOZANA, ny Andia-Pihira SERAFIMA avy ao amin'ny FJKM AMBONDRONA FIRAISANA, ny Sampana Zoky Fanasina sy Fahazavana (ZFF) FJKM AMBONDRONA FIRAISANA, ary ny Groupe MIANTEFA.

Marihina fa hitohy mandritra ity taona 2026 ity ny fankalazana an'Andriamanitra ka hisy ireo hetsika samihafa hanamarihana izany. Hotaterina eto ihany ny mahakasika ireny fa any amin'ny Novambra 2026 kosa ny Ivon-jobily izay hotanterahana eny amin'ny FJKM Ambondrona Firaisana.

Ho tsangambaton'izao jobily fisotroan-drononon'Atoa Philémon RAVELOARISON mianakavy izao ny fanavaozana sy fanitarana ny trano fonenany eny Vonelina Ambohidrapeto.

*HERY RATOVO*

---

FJKM ANDRAINARIVO FAHASOAVANA: **Nandray ny fitondrana am-bavaka ireo zanaky ny fiangonana mitantana antoko politika sy ireo manana andraikitra amin'ny fitondrana firenena**

Hoy ny Soratra Masina : « *Ary mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo,... Tsy manana fifaliana mihoatra noho izao aho, dia ny andrenesako fa mandeha araka ny fahamarinana ny zanako.* » (1 Korintiana 15:58b) (3 Jaona 4)



*Ampahany tamin'ireo tonga niatrika ny fotoam-pivavahana*

Zava-dehibe eo anivon'ny Fiangonana, ny manana olona, misitraka anjara andraikitra isaky ny antanantohatra eo anivon'ny fitondram-panjakana, ka mitantana firenena. Adidy sy andraikitry ny Fiangonana, ny mitondra am-bavaka sy mampahery azy ireny, hahavitany ny asany, an-tsakany sy an-davany, ka ho asa mendrika sy araka ny sitrapon'Andriamnitra hatrany, no ho vitany, dia asa voakaly sady vita tsara no asa natao am-pahamarinana ihany koa.

Tahaka ny isan-taona, dia nandray izany fotoan-dehibe nokarakarain'ny Foibe FJKM izany, ny FJKM Andrainarivo Fahasoavana, ny Alahady 14 Jona 2026, ka nitarika ny fotoam-pivavahana, ny Filoha Mpanampy FJKM, RAKOTONAVALONA Maholy, Mpitandrina. Nitondra ny hafatr'Andriamanitra, ny Filohan'ny FJKM, Dr ANDRIAMAMPIANINA Zaka Hary Masy, Mpitandrina. Nitarika ny asa vavolombelona, ny Filoha Mpanampy FJKM laika, RAZARASOA Timoty, izay nanamafy ny hafatra nampitain'ny Filohan'ny FJKM, tamin'ny fandraisam-pitenenany, ka nanitrikitrihany ny tsy maintsy iainan'ny kristiana ny fitondrantena araka an'Andriamanitra, izay anjakan'ny FAHAMARINANA, ary mila aseho izany, eo amin'ny fifandraisana amin'ny mpiarabelona sy eo amin'ny asa sahanina, satria i Jesoa Kristy mihitsy no FAHAMARINANA. Nambarany fa mila ovaina ny fomba fijery an'i Madagasikara, izay malaza feno harena voajanahary, nefa anjakan'ny karazam-pahantrana, toy ny mponina kely fidiram-bola sady vitsy olo-marina mandray andraikitra. Nofohaziny tamin'ny fandraisam-pitenenany ihany koa, ny fanehoan-kevitr'ilay manampahaizana mpandinika fiaraha-monina Frantsay, "Voltaire", izay nilaza fa, ny Politika, dia famadihana ny lainga ho kanto, ka nampitandremany ny Fiangonana, sady nitarihany ny rehetra, hatahotra an'Andriamanitra, amin'izay atao rehetra, ary hiaina ny fahitsiana sy ny fahamarinana, ka hijoro amin'izany, eo amin'ny fiainana manontolo miaraka amin'i Jesoa Kristy.

Marihina fa mpitantana antoko politika sy mpitondra fanjakana teo aloha, sy ny ankehitriny, no nasaina ka nisy ny namaly ny antso, ary nanao ho zava-dehibe ny fiombonam-bavaka sy ny fitondrana am-bavaka manokana azy ireo, teny amin'ny FJKM Andrainarivo Fahasoavana.

*VOATAHY*

---

### Tantara foronina

NOSORATAN'I E.R.RANDRIAMAMONJY

## VAINAFO EO AN-DOHA

-Tantarao àry ny dia, lehiroa.

-Sss, hoy Ramatoa. Avelao hataon'i Hotiavina izay vitany. Tsy zazakely io. Efa telopolo taona mahery firy akory? Zanakomby tsy ampianarin-domano. Mba alamino amin'izay ny sainao. Ao koa ny Tale, tanana ankavananao. Antsoina andro, dia andro, antsoina alina, dia alina.

-Dia inona no sisa hataoko? Handry andro aman'alina? Hiandry ny fahafatesana eto ampandriana eto? Ao Ramarohavana, Tale, ao i Hotiavina tale lefitra. Fa mbola izaho no Tale Jeneralin'ity Fanamby ity, raha mbola velona koa aho. Mbola velona aho! Marina sa tsy marina?

-Marina e! hoy izy mianaka saika niara-niteny. Fa aza dia be eritreritra na izany aza.

Dia nifampijery sady nitsiky toa maneso no miara-miaiky ny kirin'antitra mitady hampisendaotra ity zokiolona.

Lehilahy nanana ny maha izy azy ity Tale Jeneraly ity. Tsy nitarain-tana miempaka teo am-panaovana ny adidy sy andraikitra na teo amin'ny fianakaviana na teo amin'ny fiarahamonina amin'ny ankapobeny. Tony mandrakariva. Toa tsy mbola nandalo taminy izany hakiviana, na nandalo aza, nihelina vetivety. "Tsy maintsy mitraka!" Io no fitsipi-piainany voalohany. Ny faharoa :"Tsy maintsy mandresy". Ady ny fiainana, ady atao amin'ny zava-misy sy ny zava-tsy misy. Ady atao amin'ny fiarahamonina mila hikorosy fahana indraindray, indrindra tato anatin'ny krizy mifandimby mahazo ny firenena na teo alohan'ny fahaleovantena na taty aoriana. Ny fitsipi-piainana fahatelo, dia ny hoe "Ady amin'ny fitiavan-tenan'ny tsirairay". "Hitohy foana ireo ady telo sosona ireo!" hoy ihany koa izy matetika, eny am-piresahana eny.

Tsy dia mba marisika amin'ny pôlitika izy, raha toa ka ampirisihina hirotsaka hofidina ho filoham-paritany na solombavambahoaka, kanefa manaraka akaiky ny pôlitikam-pirenena, tsy ny an'ny eto an-toerana ihany fa ny an'ny any ivelany koa izay hizingizininy hatrany fa miantraika amin'ny fiharian-karena eto an-toerana sy amin'ny fiarahamonina amin'ny ankapobeny hatrizay valopolo taona mahery niainany izay. Tsy misy vaovao aminy. Ary na izay hiseho rahampitso sy rahafakampitso aza fantany noho ny fahaizany mandinika ny zava-miseho sy ny fihetsiky ny mpitondra sy ny vahoaka entina. Izay miseho lazainy fa efa fantany, "efa azony tsindrimandry;" Mpanolotsaina tsy azon'iza na iza dinganina ity Tale Jeneralin'ny Fanamby ity. Na ireo mpanao pôlitika antsoina amin'ny anaram-bosotra hoe "goaika antitra" na ireo zazavao manandranandrana, dia samy miaiky ny fahamarinan'ny torolalan'Ingahy T.J.

Impiry akory moa izy no tezitra, manisy totohondry latabatra eo am-panarahana ny zava-mitranga etsy sy eroa, indrindra ny any amin'ireo zanatany frantsay na anglisy taloha mba niverenan'ny fahaleovanten'ireny indray niaraka tamin'i Madagasikara kanefa ankehitriny toa tadiavin'ny sasany zanahina indray? Mampiakatra ny tosidrany arabakiteny ny nanjo an'i Iraka sy i Lybie sy i Côte d'Ivoire sy i Egypta sy i Mali, sns.

Fiainam-bahoaka

## Tsy hita be ihany izay fihavaozana

Tsy mahita afa-tsy ny lafiratsin-javatra ny tena? Na izay mandrakariva no saika mavesa-danja mibahan-toerana, miharihary tsy takona afenina... Anisan'ny asa andrasana amin'ny fitondrana Fanavaozana ny fanatanterahana ny fitakiana teny an-kianja, ankoatra ny fanaovana fikaonandoham-pirenena sy ny fifidianana isan'ambaratonga. Mby aiza? Efa misy fiovana ny famatsian-jiro sy rano ankapobeny amin'ny faritra velon-taraina ny amin'izany teo aloha. Na izany aza, vahaolana maharitra sy azo antoka no ilaina. Ao anatin'izany ny amin'ny saran'ny jiro, ohatra, izay tsy misy fihenany, na mihena aza, ohatra, ny fandaniana na tapaka matetika ny jiro.

Mifampitohy amin'izay, ny amin'ny fidangan'ny vidim-piainana: tsy misy tokotaniny izay hoe fihatsarana na fihenana ahay. Ny fahafaha-mividy no tsy misy na



kely ambaitra? Mifampitohy amin'izay ihany koa ny amin'ny famoronana asa, tsy misy inona andrasana sy andrandraina amin'ny fitondram-panjakana fa ny tena no tsy maintsy mihetsika sy mioitra: tsy misy fanamorana izay atao tsinona, na tantsoroka ahay izay atao... Tsy efa izay ve no nahavoa ny fitondrana teo aloha? Nahatonga ny fitakiana randran-tarihiny sy dodoria be, niafara taminy firodanany...

Tena mila politika mazava izay sosialim-bahoaka izay. Mba tsy ho vahoaka miandry sy miandrandra fanampiana lava amin'ny fanjakana. Anjaran'ny fitondram-panjakana ny mijery sy manetsika izay mety ho vitan'ny vahoaka ifotony isan-tsehatra sy isan'ambaratonga... Tena hatao sy hisy ve ny fanavaozana?

*R. C. R.*

FJKM MAHAGAGA MORONDAVA

## Miroso ny asan'Andriamanitra, tanterahina ihany koa ny sahanasa

Isaorana ny Tompo fa tanteraka sy lavorary ny Pentekosta 2026, izay nahatsiarovana ny nilatsahan'ny Fanahy Masina. Fanoloran-



jaza, Batisa, Fanokanana Diakona, Fandraisana Fanasan'ny Tompo no nanamarihana ny fotoana.

Ny Alatsinain'ny Pentekosta dia nisy



ny fitsangatsanganana notarihin'ny Sampana Lehilahy Kristiana sy ny Antsan'ny Fifohazana. Afaka niàla voly tamin'izany ny mpitsangatsangana. Baolina kitra no namaranana ny fotoana izay nifanandrinan'ny SLK andaniny ary ny Rantsana Fanantenana sy Antsafi mitambatra ankilany. Nifandanja ny lalao satria nisaraka ady sahala 3 sy 3 ny roa tonta.

Ho an'ny FJKM MAHAGAGA eto Morondava dia manana ekipa mpilalao baolina kitra maromaro, koa manasa antsika any amin'ny faritra hiara-milalao. Tongava aty Morondava fa maro ny toerana azo itsangatsanganana aty an-toerana.

Nitohy avy hatrany tamin'ny Tafika Masina ny fandaharam-potoanan'ny Fiangonana taorian'ny Pentekosta. Zana-piangonana iray ato amin'ny fitandremana no nanaovana izany tao Lohena, Kaomina Befasy.

Ny Sampana Vokovoko Manga sy ny Sampana Lehilahy Kristiana no niara-niasa tamin'izany ary ny AFF no nandrindra ny asa. Misaotra ny Tompo isika fa efa mitsangana any an-toerana ny Vondron'Olona Miara-Mivavaka (VOMM), ary mandroso koa ny fananganana trano fiangonana. Entina am-bavaka hatrany ny asan'Andriamanitra atao any Lohena fa lavitra ny toerana sy sarotra ny lalana avy eto Morondava. Hoan' Andriamanitra irery ny Voninahitra!

*ANDRIAMISAINA Jimmy Albert, Mpitandrina*

SPIA 19: **Mivohy ny fampandrosoana ny finoana sy ny fampamokarana**

Maro ny hetsika goavana nisesisesy maneho fahavelomana natao' ny Synodamparitany Iarivo Avaradrano nanomboka ny volana Mey teo. Araka ny tetikandron' ny Synodamparitany Iarivo



Avaradrano dia ny Sabotsy 13 jona 2026 no natokana ho andron'ny Prezida Synodaly Dr RABETOKOTANY Miarilaza Andriamialy Mpitandrina mianakavy. Fotoana natokana hitondrana am-bavaka sy hanohanana azy ireo izany amin'ny andraikitra sahaniny eo anivon'ny FJKM.

Natao tetsy amin'ny Fjkm Andravoahangy Fivavahana ny fanompoam-pivavahana. Nitarika izany RAKOTONIRINASOA Hubert, Mpitandrina, Tale FPMP SPIA. Niompana tamin' ny maha zava-dehibe ny vavaka atao ho an'ny mpitondra ny hafatra avy amin' ny Salamo 72 ; 18 nentin' ny Mpitandrina RANDRIANASOA Jemisa. Tao anatin'ny asa vavolombelona ireo Fandraisam-pitenenana maro samihafa, fiarahabana, tsodrano avy amin' ireo Sampana, Sampanasa , Asa, fikambanana maro samihafa eo anivon'ny Synodamparitany. Nanamarika ny fotoana ny fanotronan' ny solotenan' ny Birao Mpiandraikitra Foibe FJKM Ramatoa DISAINE Lala, ny Sekretera Jeneraly FJKM mpanampy Ramatoa ANDRIAMIHARISOA Haingo Seheno, ireo Mpitandrina rehetra ato anatin' ny SPIA, Tale, mpampianatra sy mpianatra, solotenan' ny fiangonana sy ny fanjakana.

Tamin' izany no nanao tsiahin' ny tetikandro ny Prezida Synodaly fa taorian' ny isan-kerintaonan' ny Synodamparitany sady voka- dehibe teny amin'ny Coliseum Antsonjombe ny 10 mey dia niroso tamin'ny fanofanana diakona ny SPIA 19, hitohy any Avaratra izany ny 15-16 jolay 2026, hoy ny Mpitandrina RABETOKOTANY Miarilaza A., Prezida synodaly SPIA19. Ireo nitondra ny fanofanana kosa dia Atoa RAKOTOZAFY Micaël, Mpitandrina, Ramatoa DISAINE Lala, BMF, Andriamatoa RADIMISON Jonah, Mpitandrina, BMF, Andriamatoa RABETOKOTANY Miarilaza A.,



Mpitandrina, PS SPIA19. Niisa 8 ny lohahevitra nanofanana, ka nifantoka tamin'ireo andry roa ahorin' ny FJKM dia ny Fampiorenam-pinoana ary ny Fampamokarana izany. Hetsika manaraka ny tsenaben' ny Synodamparitany izay hatao eny Anosy Avaratra ny 30-31 jolay, hitohy ny ny 1- 2 Aogositra 2026 izany.

*Veronica ANDRIANARISON*

«Mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo.» (1 Kor 15:58d)
MARTURIA VAVOLOMBELONA
ALAKAMISY 18 JONA 2026
LAHARANA -1016

*Ambany maso tsy hita*

## Mila fanazavana...

Hatramin'izao, maro amin'ny olom-pirenena ny manontany tena ny amin'ny ho fizotran'ny fikaonandoham-pirenena. Mila fanazavana? Zavontany ny fanontaniana ny amin'izany? Rahoviana marina, ohatra, no hanamboka, iza avy ny ho mpandray anjara amin'ity hoe iantsoana ny rehetra, amin'ny fomba ahoana ny fanatanterahana hoe miainga eny amin'ny fokontany... ? Mandeha ny fotoana, nefa be ny raharaha tsy mazava be ihany. Sao tsy mifankahazo ny resaka, ka izay natao hifandaminana indray no mampikorontana an-toerana? Ambany maso tsy hita...

Misy antony fa tsy tongatonga ho azy ny hafatry ny filohan'ny Fanavaozana ny Repoblika, ny kolonely Randrianirina Michaël, tamin'ny fivoriana manokana niarahan'ny FFKM sy ny fitondram-panjakana teny amin'ny lapan'Ambohitsorohitra tamin'ny 3 jona, izay tokony ho nanombohana ny fikaonandoham-pirenena teny amin'ny CCI, Ivato. Tokony hohalavirina, araka ny nambarany ny kajikajy politika sy ny fitiavan-tena, fa ny tombontsoa ambonin'ny firenena no hojerena sy kendrena. Misy raha ao... Ambany maso fa hita?

Mbola mampanahy ny sasany koa ny mety hisian'ny antontan-kevitra efa voaomana mialoha, ka zary fombafomba sisa ny fikaonandoha hankatoavana izany. Izay no nahaza-dratsy ny sasany? Kajikajy politika, fitiavan-tena, fahalianana fahefana... Mila mailo ny vahoaka, indrindra ireo ho mpandray anjara amin'ny fikaonandoha. Ahoana no hisian'ny fifampitokisana amin'izany? Izay no mila fanavaozana eo amin'ny tsirairay amin'izao. Mbola ambany maso tsy hita... Tsy hisy izay fiovana politika sy ny fomba fanaovana politika, rehefa tsy miova amin'ny tarazo ratsiny ny mpanao politika? Anjaran'ny vahoaka ny mandinika sy mitsara tsy hanao izany ho ambany maso tsy hita...

*Landimaso Mahiratra*

## FAHALEOVANTENA

Rahoviana isika no hifaly fa mahaleotena ?!
Hatraiza no afaka hihambo amin'ny fahaleovantena ?
Raha toa ka mandinika tsara ny tranga miseho.
K'andraràna fa aza haseho aloha ny momba anareo !

Rehefa miakatra lenta amin'ny avo ny dinika hatao.
Haraho maso ny tsindrin'ny ngeza mihatra aminao.
Toa milaza raha tiana ho tò 'rony zavatra homena ?!
Hajanony fa tsy azo hampiasaina NY TENIN'NY TENA !

Dia miondrika indray 'reo havanan'ity firenena.
Hampiakatra avo, fanevan'ny hafa, 'zay tsy an'ny tena.
Ka na teny, na saina, dia hoe ; hampindramina hiavotan-tena .
Mba rahoviana ihany, vao ho olon-dehibe, amin'ny fananan'ny tena !

*ANGAROA MAMATONALINA*
*27 Oktobra 2005 t@ 03 ora sy 58mn*
*Ankadimbahoaka*

## FJKM ANDRANOVORIVATO FILADELFIA, SYNODAMPARITANY MATSIATRASOA SP25 NANKALAZA AN'ANDRIAMANITRA NOHO NY FAHA 150 TAONANY




*Ireo nitarika ny fotoam-pivavahana tamin'ny andro voalohan'ny fankalazana*

Faly noho ny taona maro niorenany sy nijoroany ny Fitandremana iray ao anatin'ny Faritanin'ny Fianarantsoa, izay niorina sy manerinerina eo ambonin'ny vohitra iray, anelanelan'ny Ambalavao Tsienimparihy sy Fianarantsoa. Tanàna ambonin'ny vohitra, manamorona ny lalana RN7 mianatsimo iny, no misy ny FJKM Andranovorivato Filadelfia, Synodamparitany Matsiatrasoa SP25, ka ny Mpitandrina Delege, RAFANOMEZANTSOA Jean Gerard no mitondra vonjimaika azy. Marihina fa Fiangonana efatra no miray Fitandremana amin'ny FJKM Andranovorivato Filadelfia, izay niorina tamin'ny andron'ny LMS (London Missionary Society) ny taona 1876.

Nomarihina tao an-toerana ny tontolo andron'ny Sabotsy 6 Jona sy ny Alahady 7 Jona 2026, ny jobily fankalazana an'Andriamanitra noho ny faha 150 taona, niorenan'ny Fiangonana ka nijoroany, sy nitoriany ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy. Olo-manakaja maro no tonga nanotrona izany fotoan-dehiben'ny fiangonana izany.

Nifarimbona nanatanteraka ny fotoam-pivavahana nanomezam-bonahitra an'Andriamanitra tamin'izany roa andron'ny jobily izany: 1/ Ny Sabotsy 6 Jona 2026: Nitarika ny fotoam-pivavahana, RAKOTOBE Olitiana Andosoa, Birao SP25. Nitondra ny hafatr'Andriamanitra, ny Prezida Synodaly SP25, Dr JEREMIA Jean Louis, Mpitandrina. Nanatanteraka ny vavaka fangatahana, ny Mpitandrina RANDRIANASOLO Paul; Namaky ny Testamenta Taloha, ny Mpitandrina RATSABOTSILAHY Emilson, sady nitarika ny fitokanana ny fotodrafitrasa tsangambaton'ny jobily. 2/ Nitarika ny fotoam-pivavahana ny Alahady 7 Jona 2026, ny Mpitandrina RAFANOMEZANTSOA Jean Gérard; Nitondra ny hafatr'Andriamanitra, ny Mpitandrina RAKOTONDRASOA Voahanginirina sady nitarika ny Fandraisana ny Fanasan'ny Tompo.

Nisy ny sakramentan'ny Batisa. Nisy ny rindran-kira ara-pilazantsara sy filaharamben'ny mpino, nitanjozotra nanatona alitara, niloloha saronan-karona (Kibaha) nasiana zavatra ao anatiny, ho fanomezana, ho an'Andriamanitra sady, ho fijoroana vavolombelona fa an'i Kristy.

Marihina fa ny tsangambaton'ny jobily faha 150 taonan'ny FJKM Andranovorivato Filadelfia SP25, dia ny fanatsarana ny trano fiangonana niorina voalohany, izay nindramin'ny fanjakana natao "matérnité" rehefa vita ny trano fiangonana faharoa, ary hatokana hatao loharanombola maharitra ankehitriny.

*ILAIMAZOTO*

*Fandalinana ara-toekarena*

## Ny fiangonana miatrika ny fiovan'ny toetr'andro (tohiny)

Raha apetraka ny fanontaniana manao hoe: « *Inona no vahaolana hiadiana amin'ny loza voajanahary?* » Dia efa nanome valiny miisa telo lehibe isika teo amin'ny fandalinana farany: Ny fisorohana ny loza dia mifototra amin'ny paikady telo lehibe: 1) fanamafisana ny fahaiza-manao amin'ny fiomanana amin'ny loza; 2) fanohanana hetsika hanalefahana ny voka-dratsiny; ary 3) miantoka fa ny tetikasa fampandrosoana dia mahazaka ny vokatry ny loza. Inona no lesona ianarantsika avy ao amin'ny bokin'i Joela momba ny fihetsiky ny Kristiana manoloana ny loza voajanahary? « *Jehovah mierona ao Ziona, ary mampikotroka ao Jerosalema, ka hihorohoro ny tany aman-danitra; Fa Jehovah no fialofan'ny olony sy fiarovana mafy ho an'ny Zanak'Isiraely. Ary dia ho fantatrareo fa Izaho no Jehovah Andriamanitrareo, Izay monina ao Ziona, tendrombohitro masina; Dia ho masina Jerosalema, ary ny hafa firenena tsy mba handeha hamaky eo intsony.* » (Joela 4:16, 17) Andriamanitra dia afaka manome antsika fiadanana, na dia mandritra ny loza voajanahary aza. Hiaro antsika amin'izy ireny Izy na hanampy antsika handresy azy ireny raha matoky Azy ho amin'ny famonjena antsika isika. Ahoana no ahafahantsika mampitsahatra ny loza? Ireo fepetra ireo dia ahitana: fandrindrana ny tany, fisorohana ny fonenana any amin'ny faritra atahorana, fananganana trano mahatohitra ny loza, fitadiavana fomba hampihenana ny risika na dia alohan'ny hisian'ny loza aza, ary koa ny fampahafantarana sy fanabeazana ny fiarahamonina. Inona no fepetra azo atao hisorohana ny loza voajanahary? Anisan'ny fepetra horaisina aorian'ny loza voajanahary ny fandroahana vonjy maika ny mponina atahorana hiharan'ny loza hafa eo amin'ny toerana misy azy ireo sy ny fanampiana ireo tra-boina; tsy ny fisorohana intsony no resahina fa ny fiatrehana ny zava-misy. Inona avy ireo antony mahatonga ny loza? Ny loza dia mety ho vokatry ny loza voajanahary, nataon'olombelona ary ara-teknolojia, ary koa ireo lafin-javatra samihafa izay misy fiantraikany amin'ny fiparitahan'ny vondrom-piarahamonina sy ny faharefoana. *(mbola hitohy)*

*RAKOTOARIVONY Alphonse Marcellino*

## FJKM AMBOHITRARAHABA: NANDRAY NY FANOKANANA MPIANDRY IREO MPIANATRA HO MPITANDRINA FJKM

Niavaka ny fanokanana ireo Mpiandry vaovao, avy tamin'ny TPM Ivato sy TPM Ambatonakanga, notontosaina tao amin'ny FJKM Ambohitrarahaba, ny tontolo andron'ny Sabotsy 13 Jona 2026. Ankoatry ny fotoam-pivavahana fanokanana Mpiandry vaovao avy amin'ireo mpiomana ho Mpitandrina FJKM sy vadin'ny Mpitandrina, miisa 69, izay nanolotena an-tsitrapo, ho Mpiandry, nialohan'ny hanokanana azy ireo, ho Mpitandrina any amin'ny volana Jolay 2026. dia nisy ihany koa ny fampianarana nomena ireo rehetra tonga teny amin'ny FJKM Ambohitrarahaba. Nanatanteraka ny fampianarana ny Mpitandrina, Dr Tiana Alisoa RANAIVONIARIVO, izay nandray ny lohahevitra hoe: Sampana fifohazana miatrika ny fiainam-pireneny; sy ny Mpitandrina Valisoa RAFANONERANTSOA, izay naka ny lohahevitra hoe : Ny fahefan'Andriamanitra entina manao ny fanompoana maha Mpiandry

Nitarika ny fotoam-pivavahana, tamin'izany fotoan-dehibe izany, ny Tonian'ny SAFIF Foibe, RANOMENJANAHARY Marcial, Mpitandrina. Nitondra ny hafatr'Andriamanitra, ny Mpitandrina RABEHATONINA James, Filoha SAFIF Foibe teo aloha, izay nandray ny Soratra Masina tao amin'ny 1 Timoty 1:12, ho fiaingany tamin'ny toriteniny, ka nilazany hafatra telo lehibe : 1/ Feno fisaorana ny olona mahatoky. 2/ Feno fampaherezana ny olona mahatoky. 3/ Feno fanompoana ny olona mahatoky.

Nitarika ny fanokanana ho Mpiandry ny MF, RANDRIANANTENAINA Lazandrainy Martin, Mpitandrina, Filoha SAFIF Foibe ankehitriny.

Marihina fa nifanakaiky tamin'ny andro 08 Jona 1895, izay nahatsiarovana ny faha 131 taona, nirotsahan'ny Fanahy Masina tamin'ny Malagasy izany. Isan'ireny i Dada RAINISOALAMBO tao Ambatoreny Isoatanana, izay niteraka fifohazam-panahy lehibe, tamin'ny faritra maro, teto amin'ny firenena ihany koa, ka nahatonga ilay anarana miavaka hoe : "Pantekôsta Malagasy". SOLI DEO GLORIA.

*HAROFOTIA*

«Mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo.» (1 Kor 15:58d)
MARTURIA AVOLOMBELONA



*Isika Malagasy*

## Ny hevitra tera-bary

Ny itsitokotokoan'ny loha, samy manana ny heviny. Ny hevitra rahateo tera-bary, ka samy mamosaka ny ao ampony. Zava-dehibe ny mifampidinika amin'izay hatao sy haleha, fa izay lava dinika lava rarany. Ny hevitra tsy azo tsy amin'olombelona. Ny hevitry ny maro mahataka-davitra, fa ny hevitry ny irery manodidina ny fatana: tsy mihevitra afatsy harotsaka am-bilany sy izay hohanina ihany?

Tsy vitan'izany, ny tanety lava misy fisainana. Ny teny atao mora tsiahivina. Matetika, amin'ny fifampidinihana no hivoahan'ny fifanarahana na fifanekena: ny teny ierana tsy mba loza. Tsy misy mangidy noho ny sakay, fa hanina rehefa teny ierana. Amin'izany, na amin'ny fifampidinihana na teny ierana: aleo vandana imaso toy izay vandana ivoho. Aleo mandà tsy handeha toy izay manaiky tsy ho lasa. Na izany aza, tsy mety ny manome toky an-kamorana, kanjo manary an-kasarotana.

*R. Rm.*

## FAFIN-TENY FOHY

Toy ny mitaingina lakana amin'ny renirano tsy fantatra fiafarany ny fiainan'ny olona sasany. Tojo amin'ny riambato tampoka tsy ahafahana miverina intsony anefa ilay lakana. Toy izany no fiainan'ny olona izay misafidy lalana amin'izay tiany ka miliba amin'ny fanaram-po : ka misotro toaka, mifoka sigara, miloka... Tonga anefa ny aretina ka tsy misy azo atao intsony. Jesoa Kristy dia miteny aminao anio hoe : « ... Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana... »

*Edmond R.S*

## HAFATRA MAHASOA ANIO

1-Mivavaha ho an'ireo kamboty sy mananotena
2-Mivavaha ho an'ireo tanora hoavin'ny firenena
3-Mivavaha ho an'ireo mpianatra sy mpampianatra ary mpanabe rehetra
4-Mivavaha ho an'i Madagasikara
5-Mivavaha ho antsika rehetra monina eto
6-Mivavaha ho an'ireo kilemaina sy ny tsy manam-piahy
7-Mivavaha ho an'ireo mitondra vohoka sy ireo maniry zanaka
8-Mivavaha ho an'ireo mpamily sy mpandeha rehetra
9-Mivavaha ho an'ireo mpanan-talenta rehetra mba hampiasa izany amin'ny zavatra tsara ho fampandrosoana
10-Mivavaha mba hifankatia sy hifamela Isika Malagasy ...
"MIVAVAHA KA AZA MITSAHATRA"

## Tontolon'ny fahasalamana



Fiadanana ! Ririnina ny andro e. Manakotsako daholo ny vatana, marary ny loha, mikohaka maina be, mety miakatra ny hafanana na tsia, vizana loatra. Manatona dokotera haingana mba tsy hitarazoka ny aretina. Aoka hafana hatrany ny vatana, sakafo mafana foana. Mirary soa indray.

Dr *Innocente RAZAFINDRAVELOMANANA*

### LALAO HAFATRA FAHA-422

Ny HAFATRA ho anao anio dia momba ny FAHEFANA. Koa alamino ny teny ao anaty fonon-teny dia anohizo ny isan' an-dalana.
- FAHEFANA ( mitantana / mpitondra / Tompo / avy / ahafahan' / fireneny / ny / amin ny / ny / no)
- NY FAHEFANA ( ampiharina / hampivarina / ihany / raha / manampatra / tafahoatra / dia / ny / azy /)
- NOMENA FAHEFANA ( handraoka / mpino / handroaka / forongony / fa / devoly / ny / tsy / ny / sy / azy)

### LALAO TENY MIDINA AN-TOHATRA FAHA-422

Miainga amin ny teny hoe FADIO ianao anio dia midina ary miafara amin'ny hoe TOAKA. Tsarovy fa misy LITERA roa mifanandrify isan'an-dalana hatrany no miova araka ny valiny takiana eo anila.

F A D I O
1- Baiko hividy
2- Omeo valiny
3- Nanoratra filazantsara
4- Baiko hanasazy
5- Rivotra misangodina
6- Baiko hanaitra
7- Fototry ny fitsiriana
8- Mety, soa
9- Hena kelin'ny toaka
10- Fototry ny fitsaboana
11- Ren'ny lela
12- Fanaon'ny nify
T O A K A

| | F | A | D | I | O |
|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | |
| 2 | | | | | |
| 3 | | | | | |
| 4 | | | | | |
| 5 | | | | | |
| 6 | | | | | |
| 7 | | | | | |
| 8 | | | | | |
| 9 | | | | | |
| 10 | | | | | |
| 11 | | | | | |
| 12 | | | | | |
| | T | O | A | K | A |

### LALAO LITERA MITENY FAHA-422

Ny teny iray mitsivalana eo amin ny hazo fijaliana dia BAIKO MBA HAHAFOY. Ny mitsangana kosa dia efa ireo nomena ireo ny valiny saingy mbola mikorontana ara- peo sy fanononana ka alamino.
MITSANGANA:
1. MINOALANAO
2. NAITRAKIMA
3. AMANAHANAY
4. RANOLOHANY
5. FAMPIMATSY 6. FIDOHABONA 7. ATSITAMODY
8. FIENAHAZA 9. LALAOKINAO.

| | 1 | 2 | 3 | 4 | 5 | 6 | 7 | 8 | 9 |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | | | | | |
| 2 | | | | | | | | | |
| 3 | | | | | | | | | |
| 4 | | | | | | | | | |
| 5 | | | | | | | | | |
| 6 | | | | | | | | | |
| 7 | | | | | | | | | |
| 8 | | | | | | | | | |
| 9 | | | | | | | | | |
| 10 | | | | | | | | ■ | |

*VALIN'NY LALAO HAFATRA faha-421*

- MANGATAHA ( Dia homena ianareo, mitadiava dia hahita ianareo, dondôny dia hovohana ianareo).

- OMENA ANAO ( ny Fanahin'ny fanoloran-tsaina, ny faherezana, ny fahendrena ary ny fahazavan-tsaina)

- RY MPITSARA ( aoka hisy fahendren' Andriamanitra ao am-ponao ho entinao mitsara)

*VALIN'NY LALAO TENY MIDINA AN-TOHATRA FAHA-421*

MIASA 1. Miabo, 2. Miala, 3. Miory, 4. Akory, 5. Anosy, 6. Ihosy, 7. Ivory 8. Esory, 9.Esona, 10. Trona, 11. Trano, 12. Tsabo. TSARA.

*VALIN'NY LITERA MITENY FAHA-421*

Ny iray mitsivalana : MIANKOHOKA.

Ny mitsangana : 1. VOAMASONAO 2. MIVIMBINA 3. RAHARAHANY 4. FIONONANAO 5. ANAKIVIANA 6. AMPOMBAINA 7. ALAHELONAY 8. FISORONANY 9. FIAKARANAY 10. HAFALIANAO.

*Edenan-dRabozaka*

## Ampiteneno malagasy ny ankizy

# Mandeha be ny resaka ry Leanaka hoe iray volan'ny teny malagasy 'zao Jona 'zao, hany ka mifanentana hiteny an'izany ny rehetra ka ahoana?
*Marina izany ry 'Datoa ka asa na mba ahazo mpanakanto ihany na tsia.?
# Fa voatokana ho iray volan'ny ankizy koa 'zao ka izay no hibaikoana na hanentanana ny rehetra hoe: ampiteneno malagasy re ny ankizy e...Maro loatra manko ny zanatsika no tena mirona any amin'ny teny vahiny...
* Ka atao ahoana tsara ilay izy? Ny zanako 'zao any amin'ny sekoly miteny frantsay. Ao antrano ny anay dia saiky teny frantsay avokoa na vavaka hisakafo na fiarahabana samihafa na veloma. Izaho sisa no mba mitana ny tenindrazana eo.
# Tsy misy hifanomezan-tsiny ange ilay izy e. Maro ny raiamandreny no faly sy mazoto ery mampianatra ny zanany hiteny vahiny. Saingy ampahatsiahivina kosa ankehitriny hoe miverena amin'ny teny malagasy e...laino, ampiasao ny antsika. Tadidinao ilay fiteny malaza iray...?
*Betsaka ny teny malaza fa ity angamba no tianao ambara : Andrianiko ny teniko, fa ny an'ny hafa koa feheziko ... Tokony ho amboniana, hotiavina, hiainana ny tenintsika fa ny an'ny hafa ianarana milamina, ampiasaina indraindray...
# Izay indrindra ilay izy ry Leanaka ka aoka ianao sy ny ankohonanao no hampihatra voalohany ny fiezahana hiteny ny antsika. Dia iriana hitatra izany.
*Ny olana dia izao: ny ankamaroan'ny manampahaizana sy ny manam-pahefana dia tsy firy no miteny ny antsika, be no manao vary amin'anana. Ekena fa misy teny teknika sarotra adika. Mbola lavitra ny ezaka an.
# Tonga eo amin'ny fotoanan'ny fanavaozana isika ka aoka ovana 'zay azo ovana e. Ohatra, averina indray ny hoe Sekoly Fanabeazana Fototra, sns.. .
*Ka ilay Mpitondra amin'izao fotoana koa ange ka tsy hoe haharitra dimy na folo taona e, fa roa taona. Dia hiova avy eo, ka tsy hay izay hitondra eo na olona ho tia sy hahafehy ny teny malagasy na tsia.
# Tokony ho fantatry ny rehetra ry Leanaka fa ny tenin-dreny ihany no afaka hampandroso. Tsy nisy Sinoa na Japoney na Frantsay nianatra tenim-pirenena hafa vao nandroso...ka eo no anantitranterana hoe: ampiteneno malagasy ny zanatsika .
* Mazava e. Sady manana ny maha izy azy koa ny tenintsika. Samy manana ny teniny ny foko eto amintsika kanefa mifandray sy mifankahazo rehefa mihaona, tsy mba toy ny Afrikana sasany .. Ary misy indroa toy ny isantsika Malagasy eo ho eo no miteny ny tenintsika eran- tany.
# Ah, efa betsaka ihany izany. Dia eto no hanararaotana an'ireo Manam-pahaizana handinika lalina sy akaiky izay fomba ampianarana ny tenintsika e. Mampalahelo mihitsy fa rehefa hanao fangatahana asa sy ny sisa dia teny vahiny, kanefa eto no hiasa... Ny taratasy momba ny birao, fitsarana, sns dia vazaha...Fanaovana tsinontsinona ny Malagasy e.
*Fa toa efa hisy fanavaozana ihany io raha ny vaovao farany an. Enga anie ka hiteny malagasy am'izay ny Malagasy manomboka izao...
# Zay ary e...

*AnRIRA YDA*

«Mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo.» (1 Kor 15:58d)
MARTURIA AVOLOMBELONA
ALAKAMISY 18 JONA 2026
Laharana -1016

*Fanatanjahan-Tena sy Fampaherezam-Panahy*

## Mihoatra be lavitra ny fahasoavana !

Dradradradraina fatratra fa tsy mbola nisy goavana tahaka ity Mondial 2026 ity hatramin'izay.
Nitombo ho 48 ny isan'ny firenena mandray anjara. Lalao miisa 104 no hotanterahina manerana ireo kianja miisa 16 ka 3 avy ny any Mexique sy Canada ary 10 any Etazonia. Fifaliana manokana ho an'i Afrika ny fananana firenena 10 misolotena azy, anisan'ny namiratra teo amin'ny lalao voalohany nataony i Maroc nanao ady sahala 1-1 tamin'i



Brésil, Côte d'Ivoire nandresy 1-0 an'i Equateur, Cap-Vert nahatazona 0-0 an'i Espagne.
Sambany teo amin'ny tantaran'ny baolina kitra sy ny fiadiana ny amboara eran-tany ny fisian'ny firenena telo miara-mampiantrano sy ny lanonam-panokafana telo sosona. Nisantarana izany i Mexique ny Alakamisy 11 Jona tao amin'ny kianja Estadio Azteca any Mexico City renivohitra, narahan'ny lalao voalohany nihaonan'i Mexique sy Afrika Atsimo. Ny ampitso Zoma 12 Jona ny lanonam-panokafana faharoa sy fahatelo tao amin'ny kianja Sofi Stadium any Los Angeles Etazonia, nitohy tamin'ny fihaonan'i USA sy Paraguay, sy tao amin'ny kianja BMO Field any Toronto Canada izay nofaranana tamin'ny lalaon'i Canada sy Bosnia Herzegovina. Raitra dia raitra ny hetsika nandritra ireo lanonana ireo. Samy niezaka nampiseho ny loko sy ny kolontsaina mampiavaka azy avy ny mpampiantrano, saingy niombonana kosa ny foto-kevitra ankapoben'ny seho dia ny fanehoana ilay amboara lehibe eo afovoan'ny kianja nohodidinin'ireo mpihira sy mpandihy ary manan-talenta samihafa. Niavaka indrindra tamin'izany ny fiverenan'i Shakira indray taorian'ny Mondial 2010 tatsy Afrika Atsimo. Misy amin'ireo tranga mampiavaka ity Mondial 2026 ity anefa no somary manahirana ihany. Mampitaraina ny maro ny fitiavam-bola tafahoatra ataon'ny FIFA amin'ny halafon'ny tapakila fidirana, sady tsy misy vidiny raikitra fa miovaova izany arakaraky ny kianja sy ny firenena milalao ary indrindra ny vesatry ny lalao. Anisan'ny lafo indrindra amin'ny lalaom-bondrona ohatra ny fihaonan'i Portugal sy Colombie hatao any Miami ny 27 Jona, izay mitentina 2.680 USD na 11.250.000 Ariary eo ho eo ny tapakila. Mampalahelo ny fahasarotan'ny fidirana any Etazonia, anisan'ny sahirana amin'izany ny ekipan'i Iran izay ora vitsy mialohan'ny lalao ihany vao afaka miditra any an-toerana ary mody any Mexique avy hatrany raha vao tapitra ny lalao. Tsy tafiditra mihitsy ilay mpitsara lalao teratany somaliana Omar Abdoulkad Artan ka niverina nody an-tanindrazana aloha vao nihazo indray an'i Canada.
Tsy mahagaga ny fihatsaran'ny Mondial 2026 fa mivoatra arakaraka ny fandrosoana hita amin'ny lafim-piainana rehetra ihany izany. Tsy mahakivy koa ny fitombon'ny faharatsiana isan-karazany hita ao satria efa fantatra fa miharatsy izao fiainana izao. Fa izany rehetra izany dia mampahatsiahy ilay fitiavana sy fahefana lehibe nentin'i Jesoa Kristy nandresy izao tontolo izao araka ny voasoratra hoe: "Nefa teo amin'izay nihabiazan'ny ota no nihoaran'ny fahasoavana be lavitra" (Rom. 5, 20). Maro ny olona mandà an'Andriamanitra, fa tsy mitsaha-mitombo koa ny olom-boavonjy vokatry ny fielezan'ny Filazantsara. Miseho amin'ny endriny maro ny fahotan'olombelona sy ny loza aterak'izany, fa asehon'Andriamanitra amin'izay mino Azy kosa ny fitahia-mahagaga sy ny famindram-pony. Mora tafalatsaka amin'ny fahadisoam-panantenana sy famoizam-po ny olona velon-ko azy, fa izay mifikitra amin'i Kristy kosa dia mahery sy mitombo amin'ny finoana hatrany.

*Niry Rakoto*

## TONONKALO FETIN'NY RAY

Dada: Fony nianatra niteny
Teo ampofoan'i Neny
Dia ny teny hoe Dada
No tsy afaka am-bava

Dada: Ilay miaritra ny mafy
Miezaka ny hampitafy
Sy hamelona ny zanany
Ka handaniany ny fananany

Dada: Izay natsangana ho lohany
Eo anivon'ny ankohonany
Ka tsy miamboho adidy
Na misy mafy sy mangidy

Dada: Vesaran'asa marobe
Na mitoetra na mandeha
Na misakafo aza indrai-ndray
Dia tsy miaraka aminay

Dada: Tsy mamela ny fotoana
Ho lanilany foana
Izay mba kely tsy iasana
Dia natokany hitafana

Hitafana amin'ny anko-honana
Mba hanana ny fiom-bonana
Ka dia tena fifaliana
Ho an'ny fianakaviana

Dada: Miezaka hanome ny tsara
Ho an'ny zanaka amam-para
Raha mbola azony nomena
Dia nataony tsy terena

Dada: Satrinay ho hita foana
Mandritra ny fotoana
Fa sina sy mangaihay
Rehefa ilaozanao zahay

Dada: Ilay nitarika hahalala
Ka hiorina tsy hiala

Amin'ny finoana an'i Jesoa
Ilay Mpamonjy Tompo soa

Ilay nampianatra hivavaka
Hahay hifidy sy hanavaka
Ny zava-tsoa sy zava-dratsy
Ka ho tehirizina ao anaty.

Dada: Mivavaka aho mba ho anao
Amin'izao anio iza
Nefa tsy anio ihany
Fa hataoko foana izany

Tsy misy azoko omena
Afa-tsy ny fahendrena
Mba tsy ho arahin-tsento
Ny fiainanao eto

Dada : Ilay tanan'Andriamanitra
Hatsotrany avy any an-danitra
Homba anao hatrany hatrany
Raha mbola velona eto an-tany.

*Mpanoratra :RR*

### Siokam-boronkely

*«Aza manadino manao soa, fa raha natao tamin'ny fo, dia mbola hioty vokatsoa».*

Ev'Art)

Tontolo politika

## Mila mazava sy hajaina ny fisaraham-pahefana

Nahabe resaka teo amin'ny tontolo politika sy ny fitsarana ny fanambaran'ny minisitry ny Fitsarana, i Fanirisoa Ernaivo, teny Analakely, ny 1 jona, ny amin'ny hisian'ny fanenjehana ara-pitsarana ireo mpikambana efatra eo anivon'ny Fitsarana avo momba ny lalàmpanorenana (HCC). Antony ny nandraisan'izy ireo ny fitarainana tsy azo raisina sy tsy mitombina avy napetraky ny depioten'Arivonimamo, Rajerison Antoine, momba ny filohan'ny Fanavaozana. Ka manakorontana... Ny ampitso ihany, ny 2 jona, namaly ny sekretera jeneralin'ny HCC, Ranesa Firiana, fa fanitsakitsahana ny fahaleovantenan'ny HCC sy ny fisaraham-pahefana ary ny lalàmpanorenana ny fanambaran'ny minisitry ny Fitsarana. Tsy azo enjehina amin'ny fanapahan-keviny ny mpitsara, ary tsy tokony hivoaka ny tsimbaratelon'ny fitsarana amin'ny fanapahan-kevitra.
Iza no tena fositra namoaka ny tsiambaratelon'ny HCC? Mpamosavy malemy, mila ranondranony... Tsy fisaraham-pahefana koa izay: any amin'ny mpanatanteraka ny mpitsara no mitaraina, ka lasa fitaovana ho azy. Ny amin'izay fisaraham-pahefana izay, saika ny mpanatanteraka mandrakariva no voasoketa hatramin'izay: mibaiko fitsarana, milalao mpanao lalàna. Amin'izao fanovana hoe fanavaozana izao, andrasana ny tena hisian'ny fisaraham-pahefana. Ho samy mahaleo tena sy matanjaka ny fahefana mpanatanteraka, mpanao lalàna, mpitsara. Tsy hifanitsaka andraikitra... Dieny izao, efa tokony ho hita taratra sy hiainana izay. Aiza ho aiza?

*L. M*

FIHAONAMBEN'NY ZOKIOLONA AO AMIN'NY JEUNESSE EN MISSIION AFRIKA, « ATHI RIVER KENYA » ( Africa Elders' Gathering - AEG).

### FIHAONANA FANAO ISAN-TAONA Tohin'ny p.3

Fa nahaliana ny maro ihany koa ny fotoana nizahana an'i Nairobi renivohitra sy ny «Park» izay mifanila toerana toerana amin'ny Jeunesse En Mission Athi River.

Zokiolona mpiandraikitra niisa 69 no nandray anjara, avy amin'ny firenena 30, aty afrika sy avy any amin'ny kaontinanta hafa miasa aty afrika, na tonga nizara traikefa tamin'ny mpanatrika.

Anisan'ny nanamarika ity fotoana ity koa ny vavaka natao ho an'ireo mpitarika latsaky ny 35 taona, mba hiroso amin'ny fitarihana tohanan'ireo mpitarika teo alohany satria kaontinanta maro ankizy sy tanora ny kaontinanta afrikana. Nampirisihina ny fampitomboana isa ny sekoly kristiana.
Teo koa ny fampaherezana hitory ny filazantsara eny an-tanan-dehibe izay atomboka amin'ny vavaka, indrindra fa ny vavaka am-pandehanana ho an'ny tanàna sy ny vavaka ho an'ny mpitondra.

Any Egypta ny fihaonana manaraka amin'ny taona 2027 raha sitrapon'ny Tompo.

Ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra.

*Mamy Danieline*

«Mahefà be mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo.» (1 Kor 15:58d)
MARTURIA AVOLOMBELONA
FJKM
Adiresy :
IMMEUBLE IFANOMEZANTSOA Analakely
Tohatohabato Ranavalona I - Foibe FJKM
BP. 623 - 101 - Antananarivo
Tél. 034 17 460 53
e-mail : commfjkm@moov.mg
Website : www.fjkm.mg
BNI-AG Centrale Cpte N° 01 025879 4 020 0 61
Intitulé : «Fifandraisana FJKM»
Talen'ny Famoahana :
RAKOTONINDRAINY Jaona, Mpitandrina
Tonian'ny Fanoratana :
RAVELOARISON Philémon
e-mail: philemon.raveloarison@gmail.com
IMPRIMERIE DE LA RN 7 Jona 2026
*Isan'ny natonta : 1 500 ex*